
# MIJORO HO AN'NY FAHAMARINANA







"Ary tahaka ny nanandratan'i Mosesy ny menarana tany an-efitra no tsy maintsy hanandratana ny Zanak'olona, mba hanana fiainana mandrakizay izay rehetra mino Azy" (Jaona 3:14, 15)

Daniela sy Apokalypsy no manambara ny fotoana hampiasan'i Satana ny fahefana ara-politika sy ara-pivavahana hanenjehana sy handringanana ireo izay miorina mafy amin'ny fahamarinana. Io fahefana io dia "mandrava ny fahamarinana" (Dan. 8:12).

Amin'izay fotoana izay dia "hisy ho lavo koa ny manan-tsaina, mba hizahan-toetra sy hanadiovana ary hamotsiana azy ambara-pahatongan'ny andro farany, fa mbola ho amin'ny fotoana ihany izany." (Dan. 11:35)

Nandritra io vanim-potoana io - ny vanim-potoana maizina - dia nampiroaroa saina ny fahamarinana. Nefa nisy olona nijoro hiaro ny fahamarinana, ary vonona ny hanolotra ny ainy ho amin'izany.







**Ny fahamarinana fotopotorina:**

- Fotoam-panenjehana.
- Fahatokiana anaty fanenjehana.

**Ny fiarovana ny fahamarinana:**

- Mizara ny Baiboly: ny Vaudois.
- Kintan'ny fanavaozana ara-pivavahana: John Wycliffe.
- Hatanjahin'ny finoana: John Huss sy ireo hafa.

# NY FAHAMARINANA FOTOPOTORINA

# FOTOAM-PANENJEHANA

"Ary hiteny hanohitra ny Avo Indrindra izy sy hampahory ny olo-masin'ny Avo Indrindra ary hitady hanova fotoana sy lalàna; ary hatolotra eny an-tànany ireo ambara-pahatapitry ny fetr'andro iray sy ny fetr'andro roa ary ny antsasaky ny fetr'andro" (Daniela 7:25)

| Ambara amin'ny fomba telo samihafa ny vanim-potoanan'ny fanenjehana | | |
|---|---|---|
| "fetr'andro iray sy ny fetr'andro roa ary ny antsasaky ny fetr'andro" (Dan. 7:25; 12:7; Apok. 12:14) | 1260 andro (Aopk. 11:3; 12:6) | 42 volana (Apok. 11:2; 13:5) |

Ny teny hoe "fetr'andro" ampiasain'i Daniela dia midika ara-bakiteny hoe "taona".

1 taona + 2 taona + ½ taona = 3 ½ taona

12 volana + 24 volana + 6 volana = 42 volana

42 volana × 30 andro = 1260 andro



Na taloha na ankehitriny, dia 30 andro ny faharetan'ny iray volana :

42 volana × 30 andro = 1260 andro

Manondro fe-potoana iray ihany ireo voambolana rehetra ireo: 1260 andro.

Raha manaraka ny fitsipika "andro ray taona iray" (Ez. 4:6; Nom. 14:34), dia maharitra 1260 taona eo amin'ny tantara io fe-potoana fanenjehana io.

# FOTOAM-PANENJEHANA

"Ary hiteny hanohitra ny Avo Indrindra izy sy hampahory ny olo-masin'ny Avo Indrindra ary hitady hanova fotoana sy lalàna; ary hatolotra eny an-tànany ireo ambara-pahatapitry ny fetr'andro iray sy ny fetr'andro roa ary ny antsasaky ny fetr'andro" (Daniela 7:25)

**Vanim-potoana inona eo amin'ny tantara io 1260 taona nisian'ny fanenjehana nambaran'i Daniela sy ny Apokalypsy io?**

**Rehefa nipoitra avy tao Roma ny fanjakana ara-politika folo (ireo foko nanafika ny fanjakana), dia nisy fanjakana iray hafa niseho ka nanongana ny telo tamin'ireo fanjakana folo (Dan. 7:23-25).**

**Nahazo fahefana ara-politika ny Eglizy Romana rehefa resy ireo foko telo izay nanana firehan-kevitra Arianisma: ny Heruli, ny Vandals ary ny Ostrogoths**

taona 538



**Ny jeneraly frantsay Berthier, noho ny baikon'i Napoléon, dia nitondra ny Papa ho babo, ka namarana ny fisandratan'ny Eglizy Romana**

taona 1798






**Araka ny faminaniana, dia nanomana toerana hanampiana ny fiangonana mahatoky Andriamanitra: ny tany efitra, izany hoe toerana zara raha nisy mponina (Apok. 12:6, 14).**


**Nahita fialofana tao amin'ny fitiavany sy ny fiahiany ireo mpino mahatoky nijoro niaro ny fahamarinana nandritra ireo fotoan-tsarotra sy fanenjehana (Sal. 46:1-3).**


**Indrisy anefa fa maro no nanefa ny fahatokiany tamin'ny ainy.**



# FAHATOKIANA ANATY FANENJEHANA

"Ry malala, raha manao izay zotom-po rehetra hanoratra aminareo aho hilaza ny amin'ny famonjena iombonantsika, dia nisy nahatery ahy hanoratra aminareo, hananatra mba hiezahanareo mafy hiaro ny finoana izay efa voatolotra indray mandeha monja ho an'ny olona masina" (Joda 1:3)






Rehefa nahazo fahefana ara-politika ny Eglizy Romana, dia nanomboka nampiasa izany fahefany izany izy hitakiana ny fanarahan'ny olona rehetra ireo fitsipika ara-pivavahana novolavolainy, izay maro amin'ireny no voaolana.

Manampy trotraka izany ny fitomboan'ny kolikoly teo amin'ireo mpitondra fivavahana. Mba hisakanana ny vahoaka tsy hikomy amin'ny fahefany, dia nalainy tamin'izy ireo ny zava-tsarobidy indrindra: Ny Tenin'Andriamanitra.

Nefa, tsy afaka nandrava azy tanteraka izy. Nitsangana ireo mahatoky izay, notarihin'ny fampianarana ara-baiboly sy nanaraka ny torohevitr'i Joda, ka niady mafy hiaro ny finoany (Joda 1:3).

Nahazo hery avy amin'ny herin'ny Teny izy ireo, ka nampiely tsy ami-tahotra ny fampianarany.

Nohatanjahin'ny teny fikasana toy ny Apokalypsy 2:10 izy ireo ka nahatoky hatramin'ny fahafatesana aza, satria fantany fa handray ny satroboninahitry ny fiainana izy.



# NY FIAROVANA NY FAHAMARINANA

# MIZARA NY BAIBOLY: NY VAUDOIS


"Fa Petera sy ny Apostoly namaly ka nanao hoe: "Andriamanitra no tokony hekena mihoatra noho ny olona' " (Asa 5:29)



Pierre Valdo (1140-1218), mpandraharaha mpanankarena frantsay iray izay nahafoy ny harenany hitoriana an'i Kristy, no nanangana ny vondrona "Mahantra avy any Lyon", fantatra amin'ny anarana hoe "Vaudois". Nanaiky ny voadiny hiaina anaty fahantrana ny Papa Aleksandra III.



Fotoana fohy taorian'izay, François d'Assise (1181-1226), izay nanao voady hiaina anaty fahantrana ihany koa ary nankatoavin'ny Papa Innocent III, dia nanangana ny vondrona Franciscains.



Nandritra izay fotoana izay, dia nomelohin'ny Papa Lucius III ho heretika ireo mpanara-dia an'i Pierre Valdo. Nanjary andry tao amin'ny Eglizy Romana ny Franciscains, raha toa ka nenjehina kosa ho lany tamingana ny Vaudois. Nahoana?

Noho ny fahatokiany. Ny voalohany dia nahatoky tamin'ny Papa, fa ny faharoa kosa nahatoky tamin'ny fampianaran'ny Baiboly.

# MIZARA NY BAIBOLY: NY VAUDOIS

## Inona no mampiavaka ny Vaudois?



Izy ireo no voalohany nanana ny Baiboly tamin'ny fiteniny (hatramin'izay, dia tamin'ny teny latinina, grika na hebreo ihany no nisy).



Koa satria boky voarara izy io, dia tany anaty lava-bato, niafina ireo mpanohana an'ny Papa izay nanao fahirano azy ireo no nandikany azy.



Nitondra ampahany tamin'ny Soratra Masina niaraka taminy foana izy ireo, izay tamin'ny fotoana mety, dia nozarainy tamin'ny hafa, ka nanomezany fanantenana sy fampaherezana azy ireo ao amin'ny Tompo.



Nitahiry ny fahamarinan'ny Baiboly izay fantany nandritra ny taonjato maro izy ireo. Fantatra noho ny fahatokiany sy ny fanoloran-tenany izy ireo.




Tanàna iray manontolo no niova fo tany atsimon'i Frantsa sy tany avaratr'i Italia: Piémont.



Ny ankamaroan'ireo tanàna ireo dia noravan'ny fitondran'ny Papa, ary naripaka ny mponina tao.

# KINTAN'NY FANAVAOZANA ARA-PIVAVAHANA: JOHN WICLEF

"Fa ny lalan'ny marina dia toy ny fipoak'andro maraina, izay mihamazava mandra-pitataovovonan'ny andro" (Ohabolana 4:18)



**John Wycliffe (1324-1384) dia nandany ny androatokom-piainany tamin'ny fandikana ny Baiboly ho amin'ny teny Anglisy. Inona no nanosika azy hanao izany? Antony roa: Nanova azy tamin'ny alalan'ny Teny i Kristy; ary faniriana hizara ny fitiavan'i Kristy amin'ny hafa.**

**Niova, ilay nianatra amin-kitsimpo ny Baiboly sy nanokatra ny fony ho amin'ny fitaoman'ny Fanahy Masina (Heb. 4:12).**



**Mazava ho azy fa nitondra fifandirana taminy sy ny Fiangonana ofisialy izany. Noho ny fifandraisany tamin'ireo tompon'andraikitra ambony tany Angletera dia tsy tratry ny fahafatesana teo am-pelatanan'ny Fiangonana i John.**



**Nodorana ny nofon'ilay mpanavao fivavahana tamin'ny 1428, ary natsipy teny amin'ny renirano ny lavenony. Nanjary mariky ny lova navelany ny lavenony naparitaka.**

**Tonga hatrany Bohême ny fahazavana kelin'ny fahamarinana izay nampirehetin'i John Wycliffe, ka noraisin'i John Hus ho lovany. Tamin'izany fomba izany no nisokafan'ny lalana ho an'ny fahamarinana mandra-pahatongan'ny fanavaozana ara-pivavahana. Niposaka nihanazava ny andro.**

# HATANJAHIN'NY FINOANA: JOHN HUSS SY IREO HAFA

“Izay manana ny Zanaka no manana ny fiainana; izay tsy manana ny Zanak'Andriamanitra no tsy manana ny fiainana” (1 Jaona 5:12)

**Taorian’i John Wycliffe dia nisy mpanavao ara-pivavahana hafa nitsangana:**

**Inona no nahatonga azy ireo hanana herim-po hitondra fanavaozana sy hiatrika olana ary fahafatesana?**





Jean Huss (1370-1415)



Jérôme (1360-1416)



Tyndale (1494-1536)



Hugh Latimer (1490-1555)

- Nino ny teny fikasan’i Kristy izy ireo
- Ampy ho azy ireo handresena ny fitsapana ny herin’i Kristy
- Nahita fifaliana tamin’ny fandraisana anjara tamin’ny fijalian’i Kristy izy ireo
- Fijoroana ho vavolombelona mizinezina tamin’izao tontolo izao ny fahatokian'izy ireo
- Nijery ny tany ambadikin'ny anio izy ireo, dia ilay ho avy be voninahitra
- Fantatr’izy ireo fa fahavalo resy ny fahafatesana
- Nifikitra mafy tamin’ny teny fikasan’ny Tenin’Andriamanitra izy ireo

**Nampidirina am-ponja ary nodorona velona teo ambony kitay i John Hus. Tao am-ponja no nanoratany: “Endrey ny famindram-pon’Andriamanitra tamiko, ary endrey ny nanohanany ahy.” Tahaka ny nanohanan'ny teny fikasan’Andriamanitra ny olony tamin'ny lasa no anohanany antsika koa amin'izao**

**“Izay rehetra te hanompo an’ Andriamanitra tsy amin-tahotra, amin’ izao andro ratsy izao, araka ny fanapahan’ny fieritreretana, dia mila herim-po sy fijoroana tsara ary fahalalana an’Andriamanitra sy ny teniny; satria izay mahatoky amin’Andriamanitra dia ho henjehina, ho fotorana ny antony manosika azy, hafa no andraisana ireo ezaka tsara indrindra ataony, ary ho fongorona toy ny zava-dratsy ny anarany. Hiasa amin’ny fahefany mamitaka rehetra i Satana mba hitaomana ny fo sy hanaronana ny fahalalana. […] Arakaraka ny tanjaka sy ny fahadiovan’ny finoan’ny vahoakan’Andriamanitra, no hampiorona tsara ny fahavononan’izy ireo hankatò Azy. Ary ho mafy ihany koa ny fiezahan’i Satana hanetsika ny fahatezeran’ireo izay, mihambo ho marina, hanitsaka ny lalàn’Andriamanitra. Mitaky fahatokiana mafy orina, tanjona feno herim-po indrindra, fihazonana mafy ny finoana izay efa natolotra ny olo-masina izany”**

EGW (The Acts of the Apostles, p. 431.1)